

05 jolay 2010.
23 Tamouz 5770.

Misy lohahevitra sasany saro-pantarina.

« *Fa ho avy tahaka ny mpangalatra ny andron'ny Tompo, ary amin'izany ny lanitra dia ho lasa amin'ny firimorimoana mafy, ary ho levon'ny afo ny tenan'ny zavatra rehetra**, ka hodorana avokoa ny tany sy ny asa izay eo aminy. Koa raha ho levona toy izany izao zavatra rehetra izao, dia olona tokony hanao ahoana moa ianareo amin'ny fitondran-tena masina sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, sady manantena no mampahafaingana* ny hihavian'ny andron'Andriamanitra, izay hahamay sy hahalevona ny lanitra ary handoro sy hampiempo ny tenan'ny zavatra rehetra! Kanefa isika, araka ny teny fikasany, dia manantena lanitra vaovao sy tany vaovao, izay itoeran'ny fahamarinana. Koa amin'izany, ry malala, satria manantena izany zavatra izany ianareo, efa mazotoa mba ho hita tsy manan-tsiny amam-pondro eo anatrehan'ny Tompo amin'ny fihavanana. Ary ny fahari-pon'ny Tompontosika dia ekeo ho famonjena, tahaka ny voasotr'i Paoly, rahalahy malalantsika, taminareo koa araka ny fahendrena nomena azy, tahaka ny ataony ao amin'ny epistiliny rehetra koa, fa milaza izany zavatra izany ao aminy izy; ary amin'ireo efa misy zavatra saro-pantarina, izay aolan'ny olona kely fahalalana sady tsy miorina tsara, tahaka ny anaovany ny teny sasany amin'ny Soratra Masina koa, ka mahatonga fahaverezana ho an'ny tenany. Koa, satria fantatrareo rahateo izany, ry malala, dia tandremo fandrao ho voataonan'ny fahadisoan'ny ratsy fanahy ianareo ka ho lavo hiala amin'izay iorenanareo; fa mitombo amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy, Tompontosika sy Mpamonjy. Ho Azy anie ny voninahitra ankehitriny sy mandrakizay. Amena.» (2 Petera 3:10-18)

Maro no mihevitra fa manana andraikitra hanazava ireo heverina fa zavatra saro-pantarina ao amin'ny Baiboly izy mba hiatrehana ny fanafihan'ireo misalasala. Kanefa rehefa manandrana manazava izay tsy dia azony tanteraka izy dia mety hampisavorovoro zavatra tsotra sy mazava mora azo. Tsy tokony izany no asan-tsika. Tsy tokony hitaraina koa noho ny fisian'ireny fahasaratana ireny koa isika fa hanaiky izany ho isan'ny fahendrena avy any ambony. Mandray ireo tenin'Andriamanitra izay manazava ny zava-dehibe indrindra mikasika ny famonjena ny fanahy no adidin-tsika: mila mampifanaraka ny fiainan-tsika amin'izany isika; mampianatra ny hafa amin'ny fiainana sy ny fiteny. Amin'izany no ahafantaran'izao tontolo izao fa manana firaisana amin'Andriamanitra isika sy fahatokiana ny Teniny. Fiainana feno fahamasinana; fahamoram-panahy, fahamarinam-piainana isan'andro; fitiavana tsy misy tambiny dia fijoroana vavolombelona tsy azo kianina manamarina ny Tenin'Andriamanitra. Tohadrano mahery indrindra izay afaka hanoherana ny riaka miakatra ny tsifinoana sy ny fisalasalana izany.

Amin'ny finoana dia tokony hijery ny ho avy sy hanakatra ny ny fahazoana antoka nomen'Andriamanitra antsika isika dia ny fitomboana ara-panahy sy ara-tsaina mampiray amntsika amin'ny fahendrena avy any ambony. Ny fahafaha-manaon'ny fanahy rehetra dia nampifandraisina amin'ny loharanon'ny fahazavana. Afaka mifaly isika noho ireo zavatra nanahirana teo amin'ny fiasan'Andriamanitra fa hazava avokoa ireny. Hazavaina ireo zavatra saro-pantarina; teo amin'izay tsy nahitan'ny sain-tsika voafetra afa-tsy fiasavorovoroana sy tetik'asa tsy mitondra afa-tsy ho any amin'ny tsy fahombiazana, dia tsy hahitan-tsika afa-tsy firindrana mahavariana. Hoy ny Apostoly Paoly: « *Fa ankehitriny isika mizaha ao amin'ny fitaratra ka tsy mahita marina; fa rahatrizay dia mifanatrika; ankehitriny sombintsombiny no fantatro; fa rahatrizay dia ho fantatro tsara toy izay nahafantarana ahy.* » (1Kor.13:12).

Namporisika ny rahalahiny Petera mba *hitombo* « *amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy, Tompontosika sy Mpamonjy.* » (2 Pet. 3:18). Arakaraka ny hitomboan'ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny fahasoavana dia hahazo fahalalana mazavazava kokoa ny teniny izy ary hahatakatra fahazavana sy fahatsaràna vaovao ao anatin'ny fahamarinana masina. Io toe-javatra io dia voamarina tamin'ny tantaran'ny fiangonana nandritra ny taon-jato rehetra ary ho voamarina hatramin'ny farany. Saingy rehefa mitotongana ny tena fiainana ara-panahy dia tsy misy fandrosoana ny fahalalana ny fahamarinana. Mihanona amin'ny fahalalana efa azony tao amin'ny Tenin'Andriamanitra izy ka manakiana ny fikarohana rehetra. Manjary mpitana ny lasa sy mihataka rehefa misy adi-hevitra izy.

Ellen G. White Témoignages pour l'église Vol 2 p. 363- 365

